Filoha Rajoelina tany Analamalotra 2
**Voailikilika ny mpanao gazety avy ao Toamasina**

Faritra Menabe 6
**Nisy zandary voatifitra indray, manao ny ataony ny dahalo**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 4 oktobra 2022 Laharana 1352 Vidiny : 600 Ar


Ny Valosoa sy Fakafaka 2
**Miparitaka indray ny fanamiana mpitandro filaminana**


www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


**Fanavaozana tanteraka ny lisi-pifidianana** 8

# Aoka halalaka ny antoko politika hanara-maso hoy Ravalo




**Filankevitry ny Zon'olombelon'ny ONU** 3

## Maro fanitsakitsahana zon' olombelona eto hoy ny CETIM



**Kaominina sasany any Androy** 6

## Tafakatra 3000 Ar ny rano amin'ny bidon 20 litatra



Vono olona tany Port Kely Toliara 6
**Milalao ain'olona ny ao amin' ny Hopitaly Be Toliara**

Karate 5
**Voafidy ny filohan'ny Federasiôna vaovao**

Daka kely




May ve ny lelan'ialahy no toa mivadivadika foana ry Boaikely a !

AMPITATAFIKA SY BANKY IRAISAM-PIRENENA

# Ho tsara tantana ny famatsian-drano raha vita ny tetikasa iarahana

Velarana tanimbary mirefy 250 ha amin'ny 800 ha ao amin'ny Kaominina Ampitatafika Antananarivo Atsimondrano no azo ambolena, kanefa dibodrano avokoa ny ambin'ny toeram-pambolena rehefa tonga ny fotoam-pahavaratra. Nanambaran'Andriamatoa Randrianarivony Jocelyn Marinot, lefitra voalohan'ny Ben'ny tanànan'ny Kaominina Ampitatafika, fa anisan'ny mampiakatra ny rano eo anivon'ny Kaomnina ny fahasimban'ireo tohadrano ao an-toerana ary mitady famatsiam-bola mitentina 2 miliara Ar ireto farany hanamboarana an'ireo tohadrano manondraka ny Kaominina Ampitatafika ireo. Nanohy fanazavana ity tompon'andraikitra ity, fa efa nahavita nanamboatra tatatra mirefy 7 km ny fiadidian'ny Kaominina ny taona 2019 lasa teo ary mitohy hatrany ny asa fanavaozana an'ireo lakan-drano sy ny tata-drano ao an-toerana amin'ny alalan'ny tetik'asa « Produir », izay vatsian'ny Banky iraisam-pirenena vola, iandreketan'ny orin'asa Colas. Nanamafy Andriamatoa Randrianarivony Jocelyn Marinot, fa tsy misy olana ny fiaraha-miasa amin'ny orin'asa Jirama momba ny famatsiana ny rano fisotro madio, satria miisa 54 no isan'ireo « Borne fontaine » mamatsy rano ny mponina amin'ny Fokontany miisa 13 ary tokony ho jerena akaiky ny Fokontany Ambohipamonjy sy Ifaliarivo, satria tsy mahazo fahafahampo amin'ny famatsian-drano ny mponina ao an-toerana. Nilaza ny lefitry ny Ben'ny tanànan'ny Kaominina, fa ho tsara rindra ny famatsian-drano ho an'ny fambolena eny anivon'ny Kaominina, raha tontosa avokoa ireo tetik'asa momba ny fotodrafitr'asa rehetra ary azo antoka, fa hiakatra ny tahan'ny vokatra rehefa azo ambolena vary avokoa ny toeram-pambolena ao atsimo Atsinanan'ity Kaominina ity.



*Ny lefitra voalohan'ny ben'ny tanànan'Ampitatafika Atsimondrano.*

**Franck Razakambelo**

DISTIM Toamasina

## Mandray anjara amin'ny fanavaozana tanteraka ny lisi-pifidianana

Nanohy ny fivoriana fanaony isan-kerinandro tao amin'ny QG Ambodisoanambo any Toamasina faritra Atsinanana, ny herinandro teo, ny avy amin'ny DISTIM any Toamasina I. Tamin'izany no namaripaританa ny fanohizana ny asan'ny antoko miainga any ifotony. Tsy azo ialana hoy izy ireo ny hanaovana ny fikaonandoham-pirenena, ho famahana ireo olana samy hafa mianjady amin'ny firenena amin'izao fotoana. Efa mandray anjara feno amin'ny fanavaozana tanteraka ny lisipifidianana koa ny antoko TIM any amin'ny renivohitry ny faritra Atsinanana. Nambaran'ny filohany Naina Andrianarifera nandritra izany, fa mitohy koa ny fameloma-maso ny antoko isam-pokontany sy ny boriboritany ao Toamasina. Niantso ny rehetra tsy ankanavaka izy samy handray andraikitra ho an'ny tanindrazana, fa tena mafy izao iainantsika amin'izao fotoana, noho ny tsy fahaiza-mitantan'ny fitondrana Rajoelina.



*Ny fivoriana notarihan'ny DISTIM Toamasina, tao amin'ny QG Ambodisoanambo.*

**Fanja Aina Toamasina**

Filoha Rajoelina tany Analamalotra

## Voailikilika ny mpanao gazety avy ao Toamasina

Nitokana ny Grand Seminaire ny fiangonana katolika tany Analamalotra Toamasina II, ny alahady teo ny filoha Rajoelina. Voailikilika ny mpanao gazety avy any Toamasina nanao ny asany tao anatin'izany.
Raha vao hiditra amin'ny lalana fidiran'ireo izay manana "coupe fil" ny fiaran'ny mpanao gazety dia nosakanan'ireo ekipan'ny "Presidence", fa tsy mahazo mandeha any ny fiara, kanefa dia maro ireo fiara nampidirin'izy ireo. Tsy vitan'izany ihany koa, fa raha vao tonga teo akaikin'ny "Estrade " nisy chapiteau, ka hipetraka ny mpanao gazety dia nalana fa tsy misy toerana anareo eo. Niala moramora moa ny rehetra dia lasa satria tsy misy ilana ny mpanao gazety hanao "Couverture madiatique" ny fitokanana ny "Grand Seminaire" izany dia lasa nody ary tsy niverina intsony. Hita tao anatin'izany koa, ny zava- niseho tamin'ireo namana hitantara mivantana ny Sorona Masina dia nailikilika izay efa tao anaty "Chapiteau". Nalahelo ny fon'ny rehetra, fa tena nalatsaka ambany ny mpanao Gazetin'ny Faritra Atsinanana. Nanapakevitra ny rehetra, fa raha izao no mbola hitohy amin'ny manaraka dia tsy hanatrika na hanao "Couverture Mediatique" ny seho izay tonga eto amin'ny Faritra ny mpanao gazety aty amin'ny faritra Atsinanana hoy izy ireo, fa aleo ihany ny eto amin'ny Faritra ihany no hatao.
Tsy ny "Katolika" nahavita tsara ny "Grand Seminaire" no tsy tianay, hoy ny fanambarana, fa ny fihetsika tsy mendrika nahazo ny mpanao gazety nataon'ny ao amin'ny Prezidansa.



*Nosakanana teto ny fiaran'ny mpanao gazety.*

**Joseph Rakotoniaina**

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Miparitaka indray ny fanamiana mpitandro filaminana

Miparitaka be indray ny fanamiana mpitandro filaminana amin'izao fotoana. Tato ho ato dia lasa resaka malaza ny vono olona etsy sy eroa, ka nampalaza ny basy tena izy sy ny sandoka. Tsorina anefa fa na ny fanamiana fotsiny ihany aza dia efa ampy hanaovana asa ratsy, tsy hita intsony izay anavahana ny mpanenjika sy ny olon-dratsy ohatra. Eo ihany koa ny tsy fahafantaran'ny maro ny anjara asan'ireo zandary, miaramila, pôlisy, miampy ireo eny Anosy, izay tsy manao fitafiana nefa pôlisy ihany koa, toy ny ao amin'ny B.C, ny P.J, ny ao amin'ny ady amin'ny Stupefiant, sns… Tokony hisy araka izany fampahafantarana an-tserasera ny asan'izy ireo, ireo izay andraikitra raisiny rehefa misy sakoroka, halatra, sinto-mahery, fakana an-keriny, sns… mba hanavahana sy hanomezana alalana azy ireny raha misy zava-mitranga.
Nisy koa tafika manao fanamiana hita teny Atsimondrano teny omaly, manodidina an'Itaosy sy Ambohidrapeto iny, tazana tamin'ny fahita lavitra iray, nanao matso tao anaty lanonambe. Fitafiana mpitandro filaminana sy beret mena, maintso, ary kepi an'ny zandary ireny no nanaovan'izy ireo, ka nahatonga ny maro hametra-panontaniana hoe: tena tafika ve izy ireny, nivoaka tamin'ny toby avy aiza? nefa rehefa misy tranga mafana toa tsy hita akory, moa ve mbola eken'ny lalàna ny fanaovana ireny fanamiana sy satroka ireny amin'ny tanàna iray? Mba mila valin-teny mazava sy matotra ireo mpanara-baovao raha mahita izao, ireo minisitra tompon'andraikitra sy ny SEG, mba tsy hampifangaroana ny mpitandro filaminana tena izy sy ny sandoka, fa antony mahatonga tsy fandriampahalemana koa ny fanaovan'ny sasany ny fitafiana mpitandro filaminana izay. Efa misy ny lalàna mandrara izany, aiza ho aiza ny fampiharana azy?

**Beharo**

KMMR Atsimo Andrefana

## Nanao fivoriambe tany Anketa Toliara

Tanteraka ny sabotsy 01 oktobra teo ny assemblée générale na fivoriambe notanterahin'ny Komity Manohana an'i Marc Ravalomanana (KMMR) faritra Atsimo-Andrefana, izay natrehan'ny kôlônely RABE Jules mpandrindram-paritany (coordonnateur Provincial), fivoriana izay natao tao amin'ny QG ny KMMR tao Anketa Toliara. Araka ny vaovao voaray, nafana ny fivoriana , maro ny lahadinika noresahina hoentina hanatrarana ny tanjona dia ny famerenana ny filoha Marc Ravalomanana indray eo amin'ny fitondrana. Anisan'ny noresahana koa ny fanentanana amin'ny fanarahamaso ny lisi-pifidianana amin'izao hanaovana fanavaozana tanteraka ny lisitry ny mpifidy izao, manomboka amin'ity volana ôktôbra ity. Teny filamatry ny KMMR any amin'ny faritra Atsimo Andrefana ny hoe: Ndao tsy ho tara sambo.

**Stefa**



*Ireo mpitarika ny KMMR Atsimo Andrefana tany Toliara.*

## Ny Valosoa sy hadihady

# Tsy te hahalala ny fahantran'ny vahoaka 92% ny mpitondra

Minia mikimpy maso sy tsy te-hahalala ny fahantrana sy ny fahoriana iainan'ny vahoaka Malagasy roambisivifolo isan-jato (92%) ny manampahefana amin'izao Repoblika IV-2 izao. Ny kabarin-dRajoelina Andry tany amin'ny Fivoriamben'ny Firenena Mikambana farany teo dia toa nampahafantatra ny firenena maneran-tany, fa tena mandroso i Madagasiakara, satria izy nisoratena ho mpitondra tenin'ny firenena Afrikana. Tsy ela akory fa vao tamin'iny herinandro lasa iny no nampiaka-peo ny minisitry ny Serasera sy Kolontsaina Lalatiana Rakotondrazafy Andriantogarivo ny tsy hihemorany na inona na inona fanenjehana azy. Ny zava-misy dia tsy mbola nisy azo tsapain-tànana sy hitan'ny maso ary nisongadina ny fampandrosoana nataon'ity minisitra ity. Tsy fampandrosoana ny nananganana ny "Colisée" ao amin'ny Rovan'i Manjakamiadana, fa famotehana ny Vakoka sy fanimbazimbana sy fanitsakitsahana hasin'ny Kolontsaina Malagasy. Tsy fampandrosoana fampandrosoana ihany koa ny fizirizirana hanavao ny Tranovola amin'ny akora tsy mifanaraka amin'izay nanorenana azy fahiny, fa fitia te-hihebohebo sy fisehosehoana fotsiny ihany. Tsy miteny sy tsy te-hanebaka an-dRajoelina Andry ireo filoham-pirenena nanatrika ny Fihaonambe tany New-York, fa nangina ka mety mihevitra izy fa rehefa tsy miteny dia manaiky (qui ne dit mot, consent). Rehefa tafaverina teto an-toerana izy dia manohy indray ny fampandriana adrisa. Tsy azo eritreretina fa mety misy olompirenena tsy tia fampandrosoana sy tsy tehiaina ao anatin'ny filaminan-tsaina eo amin'ny sehatra rehetra. Nikabary anefa ny filohan'ny Repoblika tamin'ny faran'ny herinandro teo, fa tsy misy hahasakana ny fampandrosoana hirosoany ka anisan'izany ny fanarenana ny Làlampirenena faha-5 mampitohy an'i Toamasina sy Fenoarivo Atsinanana, sy ny fanangana ozinina fanodinana vokatry ny tantsaha misy any Atsinanana. Iaraha- mahatadidy fa efa nisy fanarenana tamin'ny "béton" ny Làlampirenena faha-5 tamin'ny fitondrana tetezamita, saingy matoa potika indray dia tsy nisy ny fikojakojana ary ny làlambe migodàna no lazaina fa hatomboka afaka volana vitsivitsy. Nanome toky ihany koa ny filohan'ny Repoblika, araka ny voalaza etsy ambony, fa hanangana ozinina hanodinana ny vokatry ny tantsaha. Miara-mahatadidy ihany koa ny Malagasy fa efa nanome toky toy izany ny filohan'ny Repoblika Rajoelina tany amin'ny Faritra Vakinankaratra kanefa tsy mbola niverina nametraka vato fototra tany hatramin'izao. Tsara ary iara-miaiky fa hiteraka fampandrosoana izany ary hamorona asa ho an'ny tanora ihany koa, saingy mbola any an-kibon'ny omby, ka tsy azo eritreretina sy tsy azo antenaina ho tanteraka ato anatin'ny taona iray sisa tavela itantanan'izao fitondrana izao ny Firenena. Na ho tanteraka aza ireo dia tsy ampy hitondra fampandrosoana, satria miara-miainga avokoa ny singa na ny sehatra rehetra iankinan'izany. Hampalemy ny famokarana izay anisan'ny fototra iorenan'ny fampandrosoana ny tsy fandriampahalemana. Manjaka tanteraka manerana ny Nosy ny asan-dahalo sy ny asan-jiolahy, ka ny ady amin'ireo no tsy maintsy atao laharam-pamehana raha te-handroso. Ilaina ny làlana tsara ary mety hanafaingana ny famonjen'ny mpiaro ny vahoaka sy ny fananany ny olona tafihana. Raha tena misaina fampandrosoana ny filohan'ny Repoblika dia nataony izay nividianana ireo angidimby folo nampanantenainy sady hialana amin'ny famoizan'aina sy faharatrana zandary maro tahaka izay navoakan'ny gazety omaly, noho ny fanafihana dahalo. Ety an-tanàn-dehibe indray dia samy mitady izay harapany na ny "taxi- moto" na ny mpivarotra amorondàlana. Raha voarindra tsara ny asan'ireo dia samy hampidi-bola ho an'ny fiadidiana ny tanàna, ka hiteraka fampandrosoana, kanefa tsy izay ny zava-misy fa hatao zanak'ikala hafa ny mpivarotra amoron-dàlana ary niverenana nofidiana teo anivon'ny filankevitry ny tanàna'Antananarivo ny fanekena ny "taxi moto" hahazo fahazoan-dàlana hiasa. Tena tsy maintsy hifotorana ihany koa ny fitadiavana vahaolana matotra sy maharitra ny aditany, satria voahilika mandrakariva ny mponina amin'ny toerana iray bodoin'ny vahiny, indrindra indrindra, ka tsy afaka hamokatra intsony. Tsy lazaina intsony ny kolikoly izay manjaka tanteraka any amin'ny sehatra sy ambaratongam-pitantanana rehetra misy eto amin'ny Firenena. Sakana ity toe-draharaha ity satria mambotry Firenena ny toetsaina lomorina sy mametsifetsy ny mpiarabelona.

Tsy ady amin'ny fampivoarana ny fiainan'ny mpiray Tanindrazana na fikatsahana fampandrosoana marina tokoa, no ifotoran'ny mpitondra ankehitriny, fa fanamparam-pahefana sy fampiasana herim-pamoretana ary fanafoanana ny fahaleovantenan'ny fahefana na andrim-panjakana misy, entina hangoronankarena amin'ny fomba rehetra.

***Andry Tsiavalona***

DISTIM Toliara II

## Nihaona tamin'ny mpitarika amin'ny kaominina miisa 6

Mitohy ny fidinana ifotony, ataon'ny mpitarika ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) any amin'ny distrikan'i Toliara faha-II faritra Atsimo Andrefana. Fihaonana tamin'ny mpitarika avy amin'ny kaominina miisa 6 any amin'iny distrika iny, no nihaona tamin'izy ireo ny faran'ny herinandro teo. Fidinana tao Ankililoaky, nokarakarain'ny DISTIM Toliara II, no natao tamin'izany, namelomamaso ny antoko, nitondra hafatra avy amin'ny birao foibe koa mahakasika ny fanomanana ny fifidianana ho avy eto amintsika, indrindra ny fanaraha-maso ny lisi-pifidianana amin'izao fidirana ho amin'ny fanavaozana tanteraka ny lisi-pifidianana manomboka amin'ity volana oktobra ity izao. Ny mpitarika avy amin'ny antoko tamin'ireo kaominina miisa 6 manaraka ny RN 09 no nihaona tamin'izy ireo tamin'izany dia ny avy any Ankilimalinika, Tsianisiha, Milenaky, Ankililoaky, Analamisampy ary Soahazo.

***Isambilo***




***NY DISTIM Toliara II tany amin'ny RN9 iny.***

### TONONKALO

### Ry tsy mety mbola hiaiky

Ry tsy mety mbola hiaiky hoe mahantra ny vahoaka,
Moa ve pahina ny maso sa niniana notampenana?
Efa iarahana mahita f'io `nareo tsy tafavoaka,
Ka nahoana no mikiry hiady fasana hilevenana ?

Ry tsy mety mbola hiaiky f'efa izao no hoe krizy,
Moa ny saina no efa donto , donton`ny fitiavantena ?
Tsy hampandroso firenena ny di-doha sy ny ambozizy,
Ka ny teninay dia tsotra : `ndeha miala am-pahendrena !

Ry tsy mety mbola hiaiky fa hoe tsy mahay mitantana,
Tsy fanaovana andranandrana ao anaty fitondrana.
Ka ny teninay tsy miolaka fa mahitsy sy mivantana:
Aoka izay ny hoerahoera , apetraho ny fialana .

Ry tsy mety mbola hiaiky f'efa tena tsisy hafitsoka,
Aoka tsy ho be kirina ny amin-javatra tsy hay.
Ny lakilenareo tsarovy f'efa tapitra nipitsoka,
Ka ny mety , tsotra ihany , `ndeha mipetraka amin`izay !

***DADAN`i RIANA (30-09-22)***

FILANKEVITRY NY ZON'OLOMBELON'NY ONU

# Maro fanitsakitsahana zon'olombelona eto Madagasikara hoy ny CETIM



***Ny foiben-toeran'ny filankevitry ny zon'olombelona ao amin'ny ONU any Genève Suisse.***

Manatanteraka ny fivoriambe faha-51 amin'izao fotoana ny Filankevitry ny Zon'olombelona ao amin'ny Firenena Mikambana, na ny Conseil des droits de l'homme ao amin'ny ONU, izany dia efa nanomboka ny 12 septembra lasa teo, ka tsy hifarana raha tsy ny 7 oktobra 2022 ho avy izao. Nandritra izany ny 23 septambra teo, no nanaovan'ny fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana iraisam-pirenena CETIM na Centre Europe - Tiers Monde, tatitra tao anivon'ity Filankevitra momba ny Zon'olombelona ao amin'ny ONU ity. Navoitran'ny CETIM tamin'izany, fa misy ny fanitsakitsahana ny zon'olombelona eto Madagasikara, indrindra amin'ny faritra ambanivohitra.

Ny fanonganam-panjakana notarihan'i Andry Rajoelina tamin'ny 17 martsa 2009, izay filoha amin'izao fotoana dia miteraka krizy ara-pitondrana miverimberina, mihemotra ny demôkrasia aty Madagasikara, tsy tan-dalàna ny fitondrany. Tsy mitsaha-mitotongana ny fanajana ny zo mahaolona: noho ny fisian'ny kolikoly, fanodinkodinana ny volam-panjakana sy ny harena voajanahary, ny fitazonana olona any amponja tsy ara-drariny, fanondranana olona antsokosoko, famonoana olona tsy mandalo fitsarana, fanitsakitsahana ny zon'ny tantsaha sy fakana tanin'olona. Ireo dia miteraka ny fanitsakitsahana ny zo maha-olona aty Madagasikara. Ny zava-misy anefa hoy ity tatitra ity, tsy tena avela anao ny asany ny CNIDH, na ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Zon'olombelona eto Madagasikara, noho ny fahatahoran'ny governemanta Malagasy azy ireo sy ny asa sahaniny. Taratry ny tsy fandriampahalemana miseho lany eto Madagasikara ny fisian'ny fitsaram-bahoaka efa namoizana ain'olona an'arivony hatramin'ny taona 2012. Tantsaha tsy meloka no lazaina fa dahalo, tamin'ny toerana mamokatra sy misy harena ankibon'ny tany, misy tamin'izy ireny no najedaky ny mpitandro filaminana. Mpanam-bola Malagasy, na vahiny, na orinasa vahiny no ambadik'ireny famonoana tantsaha ireny. Volana vitsivitsy izao, miseho lany ihany koa ny fakana an-keriny tantsaha amin'ny faritra mamokatra toy ny any Alaotra- Mangoro, Menabe, ary Anjozorobe. Miaro ny taniny efa ho an-taonany maro ny mponina any Mampikony sy Port- Bergé, manoloana ny orinasa iraisam-pirenena Cotona Real Estate (Groupe Socota), izay maka an-keriny ny tanin'izy ireo. Noho ny fiarovana ny taniny izay, tantsaha miisa 39 no nogadraina, olona an'arivony no nandositra any an'ala matahotra ho voasambotra koa. Misy ihany koa ny fanakanana ny fahafahana miteny sy maneho hevitra eto Madagasikara hoy ny CETIM, misy ireo tazoniny tsy aradrariny noho ny fanehoan-kevitra nataony.

Noho ireo antony ireo, miantso ny Filankevitry ny Zon'olombelona ao amin'ny ONU ny CETIM, hanao fanadihadiana sy famotorana lalina aty Madagasikara momba ny fanitsakitsahana ny zon' olombelona izay, sy ny fiarovana ny zon' ny olom-pirenena.

***Nangonin'Isambilo***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Rajepa

**Ny fanentanana momba ny fanaraha-maso ny fanavaozana tanteraka ny lisi-pifidianana teny Bel'Air Ampandrana ny sabotsy teo, niatrika izany ny filoha nasiônalin'ny antoko TIM sady filohan'ny rodoben'ny mpanohitra RMDM, Marc Ravalomanana.**




**Fidinana tany Ankililoaky nokarakarain'ny DISTIM Toliara II, namelomamaso ny antoko TIM, tamin'ny kaominina 06 manaraka nyRN9.**





**Ny fivorian'ny DISTIM Toamasina I tao amin'ny QG Ambodisoanambo.**





**Ny fivoriamben'ny KMMR Atsimo Andrefana, tany Toliara ny faran'ny herinandro teo.**




## NY TENY FIAINANA

*Fa Izy handidy ny anjeliny ny aminao mba hiaro anao eny amin'izay rehetra halehanao.*

***Salamo 91:11***

Tenisy

# Nifarana tamin'ny sabotsy teo ny Circuit ITF World U18 Leg1

Nifarana tamin'ny sabotsy 1 oktobra 2022 teny amin'ny kianja "Club Olympique de Tananarivo" eny Ilafy, ny dingana voalohany Leg1 amin'ny fifaninanana tenisy iraisampirenena "Circuit ITF World Junior U18", izay natomboka tamin'ny 22 septambra lasa teo. Tamin'ny ankapobeny dia nahery ny mpilalao Egypsiana teo amin'ny sokajy lehilahy satria roa tamin'izy ireo, no niatrika ny lalao ankatoky ny famaranana dia i Ahmed Noureldine ilay nandresy an'i Mirija teo amin'ny dingan'ny 1/4-dalana sy Elkamody Ahmed. Ity farany no nibata ny fandresena rehefa nandresy an' ilay teratany Alemà Balthazer Huss tamin'ny seta 2-0 (7/5 6/2) teo amin'ny lalao famaranana. Teo amin'ny sokajy vehivavy : Habib Shahd nandresy an'i Adel Malak Ahamed tamin'ny 1/6 6/1 6/3). Teo amin'ny sokajy olon-droa miaraka vehivavy : i Habib Habiba sy Habib Shahd nandresy seta 2 – 0 (7/5 6/2) an'i Adel Malak Ahamed sy Ramanantoanina R. Nanomboka omaly alatsinainy 03 ôktôbra 2022 indray ny Leg 2 amin'ity " Circuit ITF World U18" tontosaina eny amin'ny COT Ilafy ity.



Ireo nahazo amboara tamin'ny lalao tenisy teny Ilafy.

**Rainilita**

Karate

# Voafidy ny filohan'ny Federasiôna vaovao

Voafidy nandritra ny fivoriambe natao tany Ambalapaiso Fianarantsoa amin'ny ny 01 oktobra, ny filoha vaovaon'ny FMK (Federation Malagasy de Karaté" dia ny sensei Emile Ratefinanahary, nisolo toerana ny filoha teo aloha Andrianavomanana Solofo Barijaona. Ny "comité ad'hoc" notarihan'i Sensei Mamy Rahantason natsangana taorian' ny 07 jolay 2022 no nitarika ny fifidianana, izay natrehan-dRamatoa Talem-paritry ny ministera ny tanora sy ny fanatanjahantena any Matsiatra Ambony, sy ireo mpiaramiasa aminy vitsivitsy. Ligina karate niisa 14 amin'ny 16 misy ara-dalàna eto Madagasikara, no tonga nanatrika sy nanatanteraka an'io fifidianana io nefa ny 12 tamin'izy ireo ihany no afaka nandray anjara tamin'izany, noho ny tsy fahafenoana antontantaratasin'ny ligy iray. Nisy ny "stage Technique" notarihan'i Shihan George Hafizou, Ceinture Noire 7e Dan avy any La Réunion, sy « Stage d'Arbitrage » ihany koa natao tamin'io fivoriambe tany Fianarantsoa io.



Ny FMK tany Fianarantsoa.

**Rainilita**

"Basket Road to bal 2022"

# Ekipa 6 no ao amin'ny Vondrona D misy ny COSPN



Cospn Madagascar.

Ekipa 6 no ao amin'ny Vondrona D misy ny ekipan'ny COSPN Madagascar, amin'ny fifaninanana basikety 'Road to bal 2022", ho tontosaina etsy amin'ny Lapan'ny fanatanjahantena etsy Mahamasina hanomboka amin'ny 18 ka hatramin'ny 23 ôktôbra 2022 ho avy izao. 1.COSPN / Madagascar, 2.Djabal Basket Iconi / Comores, 3.Foxes Basketball Club / Zimbabwe, 4.Dekeddaha Sport Club / Somalie, 5.Roche-Bois Warriors / Maurice. 6.Kenya Ports Authority / Kenya.

**Rainilita**

Basikety vehivavy

# Norombahan'ny Amerikana ny tompon-daka eran-tany



Ny Ekipam-pirenena Amerikana vehivavy.

Nobatain'ny ekipam-pirenena basikety vehivavy Amerikana fanin-11 (in-4 nisesy) indray, ny amboara erantany eo amin'ny taranja basikety vehivavy. Lavon'izy ireo tamin'ny isa 83 noho 61 tamin'ny sabotsy 01 ôktôbra 2022 lasa teo, tao amin'ny kianja « Parc olympique de Sydney, Australie », teo amin'ny lalao famaranana ny ekipam-pirenen'i Chine vehivavy. Tafita hiatrika ny Lalao Olympika « Jeux de Paris 2024 » izy ireo araka izany. I Autralie mpampiantrano no nitana ny laharana faha-3 tamin'ity andiany faha-19 ity, rehefa nandresy an'i Canada 95-65 teo amin'ny lalao fiadian-toerana.

**Rainilita**

## Sakafo Ny Valosoa



Atikena sy poivron indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana ro matsatso anana sy angivy miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Fanafana natoraly amin'ny goàtira (goître)

Fanafana natoraly amin'ny goàtira (goître) no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Antony mahatonga azy :

Tsy fahampian'ny ioda. Inflammation thyroide, cancer thyroide, na aretina mahazo ny ao amin'ny tenda. Vohoka. Fisotroana alkôla, fifohana sigara. Manaranaka.

Fomba fitrangany :

Ohatran'ny kendakenda , sempotsempotra. Mikohoka matetika. Miova ny feo. Fanina rehefa manangan-tanana ambony. Mivonto ny tenda



Zavatra atao raha misy goiter:

Rano mafana 1 vera, asiana vinaigre de cidre 1 sotro kely, asiana tantely 1 sotro kely. Sotroina maraina mbola tsy misakafo.

Huile de ricin anaovana massage moramora ilay tenda.

Manao jus : mananasy + karaoty+ tômaty na voatabia.

Misotro dite tamotamo.

Manao laoka ananambo.

Ahetsiketsika matetika ny tenda.

Mihinana tongolo gasy

Misotro dite-na menthe, na solila.

Ireto ny sakafo tokony hanina raha misy goiter:

Sakafo be iode : trondro , atody , hena , mofo , vokatra avy amin'ny ronono, sira misy iode. Salady. Hazandrano isan-karazany. Tongolobe. Holatra na champignon, akondro, mananasy.

Ireo sakafo tsy tokony hanina:

Laisoa, chou fleur. Epinard , broccoli , radis. Soja , voanjo, vomanga, Fraise.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'Ampandoantraka any amin'ny distrikan'Anosibe An'Ala faritra Alaotra Mangoro

Ny tanànan'Ampandoantraka any amin'ny distrikan'Anosibe An'Ala faritra Alaotra Mangoro indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Ampandoantraka ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 9 mandrafitra ny distrikan'Anosibe An'Ala. Vokatra any ny vary, ny vokatra fanondrana toy ny kafe, ny jirofo, ny letchi. Ratsy ny lalana mampitohy ity tanàna ity sy ny renivohitry ny distrika, toy izany koa ny mampitohy azy amin'ireo kaominina manodidina.



RAHARAHA VONO OLONA TANY PORT KELY TOLIARA

# Milalao ain'olona ny ao amin'ny Hopitaly Be Toliara

Tohin'ilay mpitsangatsangana maty nisy nanendaka tany amin'ny Port Kely Toliara, miandry ny tohin'ny fanadihadiana ny fianakaviana. Nilaza ny teo anivon' ny mpitandro filaminana, fa efa nisy telolahy voasambotra mahakasika ny fanendahana mpitsangatsangana iray tao amin'ny Port Kely Toliara. Raha tsiahivina dia ny zoma 09 septembra 2022 ity raimpianakaviana ity no tonga tao Toliara, haka ny zanany mianadahy nanao vakansy. Nitsangatsangana teny amin'ny Port Kely amorondriaka Toliara izy ny sabotsy 10 septembra, satria nikasa hiverina hody any Antsirabe izy telo mianaka ny alahady. Saingy araka ny fiheveran'ny fianakaviana dia ny sabotsy tokony ho tamin'ny roa ora sy sasany tolakandro izy, no nisy nanendaka tao amin'ny Port Kely, ka nokapohan'ireo jiolahy mafy avy tao aoriana ny hatony. Nisy ihany koa fahaverezan-drà be loatra araka ny fanazavan'ny dokotera. Manamafy ny tsy firaharahian'ny mpitsabo tao amin'ny Hopitaly Be Toliara koa ny fianakaviana. Raha araka ny tatitra azon'izy ireo dia tamin' ny efatra tolakandro izy no naterin'ny polisy tao amin'ny Hopitaly Be Toliara, saingy tsy nahazo fitsaboana araka ny tokony ho izy, satria tsy teo ny fianakaviany. Nitohy ny tsy firaharahiana na efa tonga aza ny fianakaviana, ka anairan'izy ireo ny tomponandraiki-panjakana ny filalaovana ain' olona ataon'ireo mpitsabo.


*Ilay raim-pianakaviana maty noho ny fanendahana nihàtra taminy tany Toliara.*

Ny alahady maraina tamin'ny valo ora tokony hodiany tany Antsirabe moa ity raimpianakaviana ity no namoy ny ainy. Namela kamboty roa mianadahy valo taona sy fito taona ary mananontena ratompokolahy, izay mbola 37 taona. Tsy nisy moa famangian'ireo mpitondra fanjakana taty an-toerana, tranga izay nampalahelo ny fianakaviana, satria dia nisy vono olona koa herinandro taorian'io tao Betsingilo Toliara, nefa tonga nidododo tamin'izany ny Governora sy ny minisitra mpiahy ary mpitondra fanjakana maro teto Toliara.

Andrasan'ny fianakaviana fatratra moa arak'izany ny valin'ny fanadihadiana, sy ny sazy hihàtra amin'izy telolahy izay voalaza fa namono ny havan'izy ireo, mba hanendahany ny finday teny an-tanany.

***Ny Valosoa***

Faritra Menabe

# Nisy zandary voatifitra indray, manao ny ataony ny dahalo

Manao ny ataony ny dahalo any amin'ny faritra Menabe, zandary iray indray no voatifitra. Nitrangana asa fanafian-dahalo tao amin'ny kaominina ambanivohitra Masoarivo faritra Menabe ny zoma teo, ka dahalo 20 lahy mitondra basy no niditra ny renivohitry ny kaominina tamin'ny 5 ora maraina. Lasan'ireo olondratsy ny omby miisa 30 ary olona iray no maty, efatra kosa naratra voatifitr'ireo dahalo, ka zandary ny iray , tsy sahy nanaradia ny fokonolona satria tsy misy mpitandro filaminana afa-tsy io naratra voatifitra io ihany ao amin'io kaominina io, ka manao antso avo amin'ny fitondrana foibe ny lehiben'ny boriboritany any an-toerana, mba hanampiana ireo mpitandro filaminana any an-toerana. Efa nahazo fitsaboana kosa ireo naratra, saingy ny iray dia tsy maintsy nalefa niakatra taty Morondava.

***Rajepa***


*Ilay zandary naratra voatifitra.*

Kaominina sasany any Androy

# Tafakatra 3000 Ar ny rano amin'ny bidon 20 l, sahirana ny mponina

Sahirana ny mponina amin'izao fotoana amin' ireo kaominina sasany any amin'ny distrikan'Ambovombe faritra Androy, satria tafakatra hatramin'ny 3000 Ar ny rano amin'ny bidon 20 l any an-toerana. Tafakatra 800 Ar ny ividianan'ny vahoaka ny bidon 20 litatra ao an-tampon-tanànan'Ambovombe renivohitry ny faritra, tafasonga hatramin'ny 3000 Ar izany amin'ny toerana sasany toy ny any amin'ny kaominina Erada, Ambazoa, sy ny maro hafa any Ambovombe Androy ihany. Tsy maharaka ny filan'ny mponina intsony ny rano, ka manaitra ny Fanjakana foibe ny mponina hijery vahaolana maharitra.


*Toeram-patsakana any Androy.*

Anisan'ny vahaolana ho an'ny tsy fahampian'ny rano any Atsimon'ny Nosy ny famadihana ny ranomasina ho rano mamy fisotro. Efa nisy ny andrana famadihana ny ranomasina ho rano mamy fisotro izay nataon'ny fikambanana tsy miankina amin' ny fanjakana, ONG Move On Androy tamin'ny volana mey lasa teo, izay natao tao amin'ny distrikan'Ambovombe, kaominina Erada. Nahitambokany io andrana izay natao io ary efa nanaovana Move On Androy tatitra tamin'ireo solontenam-panjakana any ifotony, sy ny fitondram-panjakana foibe. Andrasana ny tohiny, satria teny mijaly rano ny any Androy.

***Aly***

Orinasa Fanalamanga

# Tsy milefitra amin'ny fitrandrahana ala tsy ara-dalàna ataon'olom-bitsy

Hentitra amin'ny fampiharana ny lalàna, ho an'ny olona na tambazotra tratra mangalatra hazo, ny orinasa Fanalamanga any amin'ny velaran-tany iadidiany any amin'ny Distrikan'i Moramanga, Ambatondrazaka, Amparafaravola, faritra Alaotra Mangoro ary tsy mitsahatra manaraka hatramin'ny farany ny raharaha fitoriana, eny anivon'ny fitsarana ny tompon'andraikitrin'ny orinasa, mba handray ny sazy sahazy azy ireo olona mitrandraka tsy aradalàna ny ala. Nilaza Andriamatoa Rabevahiny Harlem, Tale jeneralin'ny orinasa, fa vonona hiaro ny tombontsoan'ny orinasa manoloana ny tombontsoan'ireo olom-bitsy mikasa handripaka ny hazo ary mba hahafahana miaro ny fananan'ny orinasa dia nametraka mpitandro filaminana amin'ny alalan'ny “Detachement autonome de securité” (DAS) sy ny “Garde Forêt Fanalamanga” ny orinasa, mba hahafahana mikojakoja ny ala. Nanamafy ny Tale jeneralin'ny orinasa, fa ankoatran'ny fambolen-kazo haingam-pitombo dia miroso amin'ny fambolen-kazo ara-indostrialy, amin'ny velaran-tany 200 000 hektara ny orinasa Fanalamanga ary tsy mitsahatra mikolokolo sy mikojakoja ny voly nanahary, mba hiroborobo sy haharitra izy ireny . Nilaza izy fa manatanteraka dingana maro samihafa ahafahana mamerina ny tanin'ny orin'asa izay nangalarin'ny olona ny tompon'andraikitra ary tsy mitsahatra manentana ny olona hiaro ny tontolo iainana, no sady manampy ny vahoaka ifotony amin'ny sehatra fitsaboana sy ny fampianarana.



*Ny orinasa Fanalamanga tetsy amin'ny kianja Barea Mahamasina.*

Nandray anjara tamin'ny hetsika fampirantina entina nanamarihana ny andro iraisam-pirenena ho an'ny toeram-ponenana tetsy amin'ny kianja Barea Mahamasina omaly 3 oktobra ny orinasa Fanalamanga, ho fampahafantarana an'ireo karazan-kazo sy ny kojakoja ao an-tokantrano azo avy amin'ny hazo ary fotoana iray nahafahan'ireto farany nisarika ny olom-pirenena sy ny mpanapa-kevitra, fa fahavalon'ity seha-pihariana ity ny afo sy ny doro-tanety, ka tokony handraisana fepetra manokana. Ny orinasa Fanalamanga dia mpiara- miombon'antoka voalohany amin'ny famatsiana ny hazo fanamboarana trano, sy ny hazo fanaovana fanaka ary ny fifehezana ny afo no antoka ahafahana miaro an'ity seha-pihariana ity, mba tsy ho ringana.

***Franck Razakambelo***

Chan Algérie 2022 baolina kitra

# Ao amin'ny vondrona C no misy ny Barean'i Madagasikara

Tontosa tany Algérie tamin'ny sabotsy 01 ôktôbra 2022 lasa teo, ny antsapaka amin'ny fifaninanana baolina kitra « Chan Algérie 2022 », izay ho tanterahina amin'ny 13 janoary, ka hatramin'ny 4 febroary 2023. Ao anatin'ny vondrona C no misy an'i Madagasikara, miaraka amin'i Maroc sy Soudan ary i Ghana. Any amin'ny kianja “Stade de Constantine” any Algérie, no hanatanterahana an'ireo lalao ao amin'ity vondrona C ity amin'ny 13 janoary, ka hatramin'ny 4 febroary 2023. Marihana fa 18 no isan'ireo ekipam-pirenena Afrikana handray anjara amin'ity fifaninanana andiany faha-7 ity ka : ao amin'ny vondrona A hilalao any amin'ny kianjan'i Algiers no misy an'i Algérie mpampiantrano, Libye, Ethiopie ary Mozambique. Ao amin'ny vondrona B hilalao any amin'ny kianjan'Annaba, no misy an'i Dr Congo, Ouganda, Côte d'Ivoire ary Sénégal. Ao amin'ny vondrona D hilalao any amin'ny kianjan'i Oran, no ahitana an'i Mali, Angola ary Mauritanie. Ary ao amin'ny vondrona E hilalao any amin'ny kianjan'i Oran ihany koa, no misy an'i Cameroun, Congo ary Niger. Nialohan'ny antsapaka izay natao dia nisy fivoriana izay notarihin'ny Filohan'ny CAF, Dr Patrice Motsepe niaraka tamin'ireo Filoha sy Sekretera Jeneralin'ireo Federasiôna tafakatra amin'ny dingana famaranana ny CHAN Algérie 2022, ka nisoloan'Andriamatoa Raharimino Mario Rosario, mpikambana ao amin'ny kômity mpanatanteraka tena, ny Filohan'ny FMF tamin'izany. Anisan'ny noresahina nandritra izany ny amin'ny - CHAN Algerie 2022, ny Africa Super League, ny CAN Côte d'Ivoire 2023, ny CAN Guinée 2025, ny Coupe du Monde Fifa Qatar 2022 ary ny Championnat scolaire Africain de football.

***Rainilita***


*Fivoriamben'ny CAF tany Algérie.*

# Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**01/10/2022 hatramin'ny 08/10/2022**

- **MAMY** (67HA Nord Est) 020 22 318 21/033 74 154 87/032 26 859 84
- **TOKY** (Andrefan'Ambohijanahary) 020 22 264 41/034 11 264 41/034 11 264 42/034 11 264 50
- **NOUVELLE** (Rue Indira Gandhi Tsaralalana) 020 22 370 03/034 22 370 03
- **SOANDRY** (Behoririka près de Luxor) 020 22 228 37/033 11 650 36 /034 98 379 12
- **HANITRA** (Ankorahotra) 020 22 312 81/020 22 350 80

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1352-10-2022
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**FITRANDRAHANA HARENA AN-KIBON'NY TANY IFOTONY**

## Tsy ampy ny fanaraha-maso hoy ny OSCIE



*Ny atrikasa nataon'ny Oscie, tetsy Antaninarenina.*

Vitsy ireo fiarahamonim-pirenena manaramaso akaiky ny sehatra tsy miankina, izay mitrandraka ny harena an-kibon'ny tany, indrindra any amin'ny faritra ary tsy manana enti-manana ahafahana misoroka ny fihoaram-pefy ataon' ireo orinasa mpitandraka ny fiarahamonim-pirenena. Nametraka ny paik'ady ho an'ny fiarahamonim-pirenena mandritra ny 5 taona manaraka ny OSCIE, natao tetsy amin'ny Hotel Le Pavé Antaninarenina ny zoma lasa teo. Nanambaran'Andriamatoa Rabenandrasana Clement, mpandrindra nasiônaly ny "OSCIE", fa laharam-pahamehana amin'ny paik' ady hotanterahina ny fanomezana tosika ireo fiarahamonim-pirenena eny ifotony, sy ny vondrombahoaka itsinjaram-pahefana, mba hampihenana ny fitrandrahana ny harena kibon'ny tany tsy ara-dalàna ary tokony homena fiofanana mikasika ny fanaraha-maso sy ny fiarovana ny harena an-kibon'ny tany ireo tompon'andraikitra ifotony, mba hahafahana mahazo vokatra tsara. Nanamafy ny mpandrindra nasiônaly ny "OSCIE", fa fanamby ho an'ny fiarahamonim-pirenena ihany koa ny fitsinjovana ny sôsialin'ny mpisehatra sy ny fikajiana ny tontolo iainana momban'ny fitrandrahana ny harena kibon'ny tany, satria simba ny tontolo iainana ary misy fiantraikany ratsy amin'ny fahasalaman'ny olona ny fitrandrahana ny harena an-kibon'ny tany. Nilaza Andriamatoa Rabenandrasana Clement, fa mitaky ny fahatongavan-tsaina ho an'ny mpanapa-kevitra ny ady atao amin'ny fitrandrahana tsy ara-dalàna, satria miray tsikombakomba miaraka amin'ny mpitrandraka tsy ara-dalàna ny manam-pahefana sy ny mpampihàtra ny lalàna isan'ambaratongany eto Madagasikara, hany ka miraviravy tanana ny mpisehatra. Nilaza ny mpandrindra nasiônaly "Oscie", fa sarotra ny ady amin'ny fampihenana ny fitrandrahana ny harena an-kibon'ny tany tsy ara-dalàna, satria mifampiaro ny mpikambana eo anivon'ny tambazotra, ka very maina avokoa ny ezaka izay ataon'ny fiarahamonim-pirenena, miaraka amin'ny fokonolona. Namarana ny fanehoankeviny izy, fa anisan'ny olana mahazo ny fiarahamonim-pirenena, ny tsy fananana fitaovana raitra ahafahana manara-maso ny fahasalaman'ny mponina eny ifotony, izay iharan'ny voka-dratsy ateraky ny fitrandrahana, satria mila porofo mazava ny mpiara-miombon'antoka, mba hahafahana manasazy ny mpandika lalàna.

***Franck Razakambelo***

Braderie de Madagascar

## Nanampy ny mpitsidika manoloana ny fiakaran'ny vidin'entana

Nanome fahafaham-po ny mpitsidika teo amin'ny fisitrahana fihenam-bidy tamin'ireo entana ilaina amin'ny andavanandro, ny hetsika ara-barotra « Braderie de Madagascar » izay natao tetsy amin'ny kianjan' i Barea Mahamasina ary nanampy ny mpanjifa hahita ao anatin'ny fotoana fohy ireo zavatra ilainy sy manao fampitahana momban'ny kalitaon'ny entana novidiany. Nilaza Ramatoa Ramanantsoa Harilala mpikarakara ny hetsika eo anivon'ny « Madavision », fa manampy ny mpandraharaha madinika mampahafantatra ny mpitsidika ny entana vokariny ny « Braderie de Madagascar » ary sehatra iray ahafahan'ny roa tonta mifampiresaka mivantana sy mifakalo hevitra ny hetsika ara-barotra tahaka izao. Nanohy fanazavana ny mpikarakara, fa fotoana iray nahafahan'ny mpandraharaha nandafo ny entany tao anatin'ny fotoana fohy ihany koa ny fandraisana anjara tamin'ny « Grande Braderie de Madagascar » ary fotoana iray nahafahan'ity farany nanatsara sy nanavao hatrany ny famokarana ataony miankina amin'ny fiaraha-miasa amin'ny mpanjifa. Tsiahivina fa 2000 Ar no saran'ny vidim-pidirana tao amin'ny « Braderie de Madagascar », izay nifarana tamin'ny alahady 02 Oktobra 2022 lasa teo, nahitana tranoeva miisa 100 mahery ary nisokatra manomboka tamin'ny 8 ora maraina izany ka tsy nifarana isan'andro raha tsy tamin'ny 7 ora hariva.

***Franck Razakambelo***




*Ny Grande Braderie de Madagasikara tetsy Mahamasina.*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 407**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0406)


***Mitsivalana***

- Solaitra
- Laza (miv)
- Hopitaly
- Anana - Ar
- Fy - Antsa
- Ana - Toak(a)
- Aia

***Mitsangana***

- Sahafa
- Ozonina
- Lapa
- Alina
- Tanty
- Tia - Toa
- Lasa
- Akarina (miv)

### TENY MIFANAPAKA N° 407




**Mitsivalana**

**1.** Fiarovana amin'ny aretina – Hekitara (miv) **2.** Mpanolotra – Nesorina **3.** Anabavin-drainao **4.** Varotana – Tofoka (miv) **5.** Mpanoritra – Foto-tenin'ny fitaizana (miv) **6.** Vangivangy – Tsofoka (miv) **7.** Androany (miv) – Teny sy didy arahina (miv) **8.** Ao amin'ny serasera – Mpanoritra **9.** Enina Romana – Sekretera **10.** Menaka – Matroka (miv)

**Mitsangana**

**A.** Vadin-janaka – Metaly **B.** Loko (miv) – Tsy ao amin'ny tafika (BR) **D.** Karazan-kazo **E.** Voatapaky ny antsy (miv) **F.** Mpanondro manolotra **G.** Tampisaka – Fanoratana (miv) **H.** Andosirako, ialako **I.** Milaza fananana – Naoty **J.** Faritra **K.** Bibikely ao amin'ny volo – Foiben-toerana, akany

### Valiny Teny mifanaraka 0406

**Mitsivalana**

**1.**Fanalahidy **2.** Arina - Elo **3.** Nafenina '**4.** Iny - Tafa (miv) **5.** Neny - Ilo **6.** Endrika - En **7.** Nary - Alina (miv) **8.** Falafa (miv) **9.** No - Sak(a) - RM **10.** Alahamady

**Mitsangana**

**A** Fanorenana **B.** Ara- Na - Lo (miv) **D.** Nifindra **E.** Firenena (miv) **F.**. Laniny - Asa **G.** Malaky (miv) **H.** Hena - Anaka **I.** Ilafy - IF **J.** Do - Lela (miv) - Fy **K.** Mpanota (miv)

FANAVAOZANA TANTERAKA NY LISI-PIFIDIANANA

# Aoka halalaka ny antoko politika hanara-maso hoy Ravalo

Isambilo

***NANOMBOKA NY VOALOHAN'NY VOLANA OKTOBRA TEO NY FANAVAOZANA TANTERAKA NY LISI-PIFIDIANANA ETO AMINTSIKA, NISY NY FANMBARANA NATAON'NY FILOHAN'NY ANTOKO TIM, SADY FILOHAN'NY RODOBEN'NY MPANOHITRA RMDM MAHAKASIKA IZANY. AOKA HALALAKA NY ANTOKO POLITIKA REHETRA HANARA-MASO IZANY HOY NY FILOHA MARC RAVALOMANANA. NISY NY TENY NAMPITAINY HOY NY MPIKATROKA TIM SY RMDM MOMBA IZANY, HO AN'NY TOMPON'ANDRAIKITRY NY CENI ISAN'AMBARATONGANY ARY HO AN'NY TOMPON'ANDRAIKI-PANJAKANA.***

TIM

## TIAKO I MADAGASIKARA

Arrêté N° 22 828 2014; registre N° 161/2014 au Registre National des partis politiques

### FANAMBARANA SY FANENTANANA

Manomboka androany 01 oktobra ny fanisana ny Mpifidy manerana ny Nosy amin'ny Fanavaozana tanteraka ny Lisitrin'ny Mpifidy.Hamafisinay fa ny fananana Lisitrin'ny Mpifidy Feno sy madio no antoka hahafahantsika manatanteraka Fifidianana azo antoka sy hanome vokatra heken'ny rehetra. Manoloana ny mahazavadehibe izao Fanavaozana tanteraka ny Lisitrin'ny Mpifidy izao dia mitaona ny rehetra handray andraikitra sy hanara-dalàna izahay ka manao ireto fanambarana sy fanentanana manaraka ireto:

**1-Ho an'ny Mpikambana ao amin'ny Antoko TIM sy ny RMDM:**

Manainga antsika rehetra mba:

- Handray anjara feno eo anivon'ny CLRE na ny Vaomiera Ifotony Misahana ny fanisana ny Mpifidy
- Hanaramaso ny fomba fiasa eo anivon'izany CLRE izany mba tsy hisian'ny fanavakavahana na izay mety ho tsy fanarahan-dalàna hafa
- Hanaramaso ny Opération jugements supplétifs sy ny fanomezana Karampanondro
- Hanentana ny olona manan-jo hifidy rehetra hisoratra anarana ao anatin'ny Lisitrin'ny Mpifidy
- Hitaky ny fanaovana petadrindrina na famakiana eo anivon'ny Fivoriamben'ny Fokonolona ny Lisitrin'ny Mpifidy alohan'ny famaranana tanteraka
- Hanao sy hanentana ny olona rehetra hanao fanamarihana sy fitarainana raha mahita tsy fahatomombanana ao anatin'ny Lisitrin'ny Mpifidy (Doublon, Karampanondro mitovy laharana, Olona efa maty, tsy ampy taona, …) mialoha ny famaranana tanteraka ny Lisitrin'ny Mpifidy
- Handefa sy hampahafantatra ny aty amin'ny Foibe Bel air ireo tsy fanarahan-dalàna rehetra mety mitranga mandritra ny fanisana ny Mpifidy sy ny fandrafetana ny Lisitrin'ny Mpifidy vaovao ary ny fanomezana Karampanondro.

**2- Ho an'ny Tompon'andraikitra ny CENI isan'ambaratonga:**

- Mitaona anareo mba hanatontosa izao fanavaozana tanteraka ny Lisitrin'ny Mpifidy izao ao anatin'ny tsy fiandaniana sy ny mangarahara tanteraka ary ny ara-dalàna.
- Miantso anareo mba hamela malalaka ireo Solotenan'ny Antoko Politika eo anivon'ny CLRE hanao ny asany amin'ny fanaraha-maso ny fizotran'ny fanavaozana ny Lisitrin'ny Mpifidy

**3- Ho an'ny Tompon'andraikim-panjakana:**

Manainga ny Solotenam-panjakana rehetra mba tsy hanao teritery na tsindry ho an'ireo Tompon'andraikitry ny Fokontany na ny Distrika eo amin'ny fanatanterahana ny asan'izy ireo amin'izao fanavaozana ny Lisitrin'ny Mpifidy izao.

Mitaona ny Mpitondra Fanjakana mba hamela malalaka ny Antoko Politika hisitraka ny Zo omen'ny Lalàna azy sy hanao ny adidiny amin'ny fanentanana ny vahoaka amin'ny alalan'ny famoriam-bahoaka sy ny haino aman-jery

Eto am-pamaranana dia manainga ny Vahoaka rehetra mba handray andraikitra manoloana ny raharaham-pirenena tandrify azy ireo avy. Mbola mamerina ny antso avo ny amin'ny tokony hanaovana ny Fiaraha-midinika – **"Concertation nationale"** andraisan'ny rehetra anjara hanatsarana ireo Lalàna sy Rafitra hifehy ny Fifidianana izahay satria mbola hamafisinay fa tsy hahafahantsika hanatanteraka fifidianana madio sy hanome vokatra eken'ny rehetra raha ireo Lalàm-pifidianana misy ankehitriny ireo na dia hanana lisitry ny mpifidy madio sy feno ary isika.

Antananarivo, faha 01 Oktobra 2022

BIRAO NASIONALY Tiako i Madagasikara FANAMBINANA - FAHAMARINANA

Marc RAVALOMANANA

